INC MALAZA

N° 009 / Desambra 2015 / www.atd-quartmonde.org

MATOAN-DAHATSORATRA

Eny ho an'ny fampandrosoana, saingy ho an'ny rehetra!

Denis GENDRE

Volana vitsivitsy izao no niheverana ny hanovana endrika an'Antananarivo. Fanalalahana ny lalana, fanamboarana lalana vitsivitsy hanamora ny fifamoivoizana, fanovana endrika ny kartie, ets. Lasa laharam-pahamehana ny fikatsahana izay hanatsarana ny fiainana amin'izay lafiny izay eto Antananarivo. Samy manaiky ny fanatontosana ireo tetikasa goavana ireo ny rehetra. Ny rehetra ve? Amin'ny lafiny inona no ilazana fa tena tombon-tsoa ho an'ny rehetra ireo? Eto izao dia olona vitsy kely sisa afaka manasa lamba eo amin'ny toerana fanasa-damban'ny mponina,vokatry ny fanavaozana azy io. Lasa andoavam-bola be ny fampiasana azy. Maro ankehitriny ny mantsaka rano amin'ny daba dia manasa any aminy, na koa mandeha manasa lamba eny an-tanimbary, noho io antony voalaza io. Ankoatra ny fanilikilihana, ny fampandrosoana toy io, dia miteraka voka-dratsy eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Etsy an-daniny, ny tetikasa fanamboaran-dalana dia androahana mponina efa navenjivenjy tetsy sy teroa. Taona vitsivitsy lasa izay dia nonina teto an-tampon-tanàna izy ireo, saingy noraofina andro alina tamin'ny "camions" dia nafindra toerana. Nampanantenana fiainana tsaratsara kokoa any amin'ny toerana lazaina fa efa voavoatra manokana ho azy izy ireo, nefa tanety ngazana tsy nisy hanin-kohanina no nametrahana azy. Mba hahafahany mivelona, dia voatery niverina nanorim-ponenana teny amin'ny toerana manodidina an'Antananarivo izy ireo. Noho ny herim-po ananany sy ny fikirizany, dia nahaorina trano biriky teo ry zareo ka noraisin'ny Fokontany ho anisan'ny mponina ao aminy. Ahoana moa no hinoany, rehefa avy niaina karazam-pijaliana toy izany izy ireo, fa hifanaraka amin'izay andrasany ny famindran-toerana vaovao notapahina tsy niaraka taminy?

Tsy omby ny toeram-panasan-damba taloha

Vitsy sisa afaka manasa lamba

Tombon-tsoa ho an'nv rehetra ve?

Fiofanan'ny mpanentana ny ankizy

Samy nahazo mari-pahaizana ny tsirairay

Nandray anjara tamin'ny fiofanana nokarakarain'ny Fikambanana Hay Kanto sy ny EIF (Ezaka Ifampizaràna ho Fampandrosoana),ny 20-30 Aprily 2015 teny Androhibe I Hanitra, Totoa Voahangy, Lucie, Jocelyne, Eric. Nizara roa ny fiofanana dia ny fomba fanentanana sy ny famoronana fitaovana ara-tsiansa amin'ny endrika fialam-boly ho fanabeazana. Nisy 26 ny mpandray anjara. Samy niezaka ny rehetra hiara-hiofana sy hifanampy mba tsy hisy ny voailikilika. Hoy ny mpanentan'ny ATD Quart Monde iray: ***"Tena reharehanay tokoa ny firotsahanay an-tsitrapo, tsy misy tambiny na karama, miaraka amin'ny ankizy. Talanjona ireo mpampiofana sy ireo tanora mpiofana teo nanontany anay hoe amin'izao fiainan-tsarotra izao ve dia mbola mahafoy fotoana hanaovana asa fanasoavana ihany ianareo***"?

Contact : mada@atd-quartmonde.org – 034 14 910 41 – 034 08 680 40

“Tsy mba afaka mankeny amin'ny tranomboky izahay noho ny asa aman-draharaha, fa izao izahay itondranareo boky dia mba manararaotra mamaky”.

Faly aho fa niverina indray ny vaky boky

Tany am-boalohany dia famakiam-boky an-kalamanjana no natao tany amin’ny Kartien’Antohomadinika. Rehefa nanorina ny trano famakiam-boky “Fanovozantsoa Joseph WRESINSKI” anefa ny Fikambanana dia najanona tsikelikely izany. Nandritra ny fankalazana ny faha-10 taona dia nisy tombanezaka natao niaraka tamin’ny mpitantana ny tranom-boky. Teo no nahatsapana fa mihavitsy ny olona mandeha ao amin’ny tranomboky. Maro be ny ray aman-dreny nangataka ny hiverenan'ny famakiam-boky an-kalamanjana indray. Rehefa nandinika ny Fikambanana dia teraka teo ny hevitra hanao famakiam-boky mifindrafindra. Isaky ny Alakamisy tolakandro, nanomboka ny 21 Mey 2015, dia mandeha miaraka amin'ny boky sy tsihy ireo mpitantana ny tranomboky roa, mitety ny vakim-paritra. Indray andro raha nandalo i Marie Irène dia nijanona namaky boky teo ka hoy izy ***: “Faly aho fa niverina indray ny famakiam-boky an-kalamanjana, mba ataovy isan-kerinandro ô !***”

Mbola miana-mamindra nefa maha-be fanantenana ny "Université Populaire"

Ampiana ny zanaka tsy hirona amin’ny fidorohana

Ny Asabotsy 12 Septambra 2015 no natao teny Ambohibao ny “Université Populaire” (UP) faharoa mitondra ny lohahevitra hoe :***“Ny fanabeazana mahomby”***. Hoy ireo ray aman-dreny :***“Sarotra ny fiainana, ny fidiram-bola tsy misy. Lafo ny saram-pisoratana anarana, ny vidin’ny fitaovana misondrotra isan'andro“.*** Eo koa ny olana hafa : ***“Lasa fanarabim-bahoaka ny zanakay satria mipetraka sady miasa akaikina toerana fanariam-pako izahay. Lazaina hoe “zanak’Andramiarana mpatory an-tsena”, “4mi“-n‘Andramiarana”. Vokatr‘izay dia lasa mihemotra na mivangabao ilay zaza. Herisetra izany! “ Zavatra roa no tonga ao an-tsaina raha miresaka momba ny fanabeazana any an-tsekoly: ny iray fianarana, ary ny iray kosa fahalalam-pomba. Tsy hita izay fahalalam-pomba ampianarina ny ankizy any an-tsekoly izany amin’izao, nefa tena ilaina tokoa izany mba hampilamina ny fiainan’ny mpianakavy ao n-tokantrano. Amin’izay koa ny ankizy mahay miarahaba olon-dehibe.*** Na dia eo aza izany olana maro iainan’izy ireo izany dia misy koa ny lafiny tsara, satria hoy izy ireo hoe : ***“Rehefa mahay mamaky teny sy manoratra ny ankizy dia tsy voambaka.“***

Tsiahin’ny 17 Oktôbra 2015

Loabary an-dasy tamin'ny 17 Oktobra 2015

Natao teo amin’ny kianja malalaky ny Lapan’ny Tanànan’Antananarivo ny fankalazana ny Andro Iraisam-pirenena Anoherana ny Fahantrana lalina ny 16 sy 17 Oktôbra 2015. Nanomboka tamin’ny 9 ora ka hatramin’ny 4 ora nandritra ny 2 andro ny varavaravana nisokatra niarahana tamina Fikambanana mpiara-miombon’antoka miisa 9. Naverina tamin’izany tamin’ny endrika loabary an-dasy ireo UP roa efa natao ka ***"Ny fahasalamana ho an’ny rehetra"*** ny 16 Oktôbra maraina ary "***Ny fanabeazana mahomby"*** ny tolakandro. Hoy ity renim-pianakaviana iray tamin’izany: ***“Nisy olona narary niditra hopitaly tao amin’ny fianakaviako, saingy andoavam-bola avokoa ny zavatra rehetra eny amin’ny hôpitaly, eny fa na dia ny alikaola, ny fitaovam-panindromana, ny farafara aza… Noho ny tsy fisiana, dia nanapa-kevitra ny hitondra ny mararinay hody izahay. Rehefa tsy maintsy ho faty ihany manko, dia aleo maty any an-tranon’ny tena, toy izay maty ao anaty fahafaham-baraka eny amin’ny hôpitaly. Fantatro tsara fa tsy afaka hanome fanafody ny marary izy ireo. Na izany aza anefa dia tsy azon’ireo mpitsabo ireo mihitsy ny mahazo anay. Matetika aza izahay tsy voahaja akory”***

“Ny fanabeazana no antoky ny fampandrosoana maharitra", hoy kosa ireo fianakaviana sahirana vory teo. Ny 17 Oktôbra maraina no nanatontosana ny fankalazana ny Andro Iraisam-pirenena Andavana ny Fahantrana lalina. Narahina loabary an-dasy notarihin’ny DCTP (Développement de Compétences Techniques et Professionnelles) momba ***"ny fiofanana arak’asa sy fahazoana asa izany ny tolakandro".***

Fankalazana ny Andro Iraisam-pirenena Andavana ny Fahantrana

20 Nôvambra : Andro Iraisam-pirenenaho an’ny Zon’ny Ankizy

Ny kôpia no ahafahana mamantatra ny momba ny tena

Tsy navelan’ny PFSCE (Plateforme de la Société Civile pour l'Enfance) handalo fotsiny io daty io fa nanao hetsika izy. Ireto avy ny lohahevitra niaingana tamin’izany : ***“Ankizy miaina sy miasa eny an-dalam-be”, “Ny asanay rahampitso sy ny vinan'ny ho avy”, “Fampijaliana na fivarotana ankizy an-kolaka”*** sy ***“Fanabeazana ho olom-pirenena vanona”*** ary***“Tanjona amin’ny Fampandrosoana Maharitra”.*** Nizara telo ny fankalazana ka ny 11 Nôvambra no nanomanana loabary an-dasy niarahan’ny ankizy 2 isaky ny mpikambana ao amin’ny PFSCE. I Diamant sy Ezra no solontenantsika tato amin’ny ATD Quart Monde tamin’izany. Ny 18 Nôvambra no nitateran’izy ireo ny vokatry ny loabary an-dasy izay nanasana ireo sehatra maro samihafa, toy ny Ministera sy ny sehatra miaro ny. Zon'ny ankizy. Ny 20 Nôvambra kosa no nanaovana fampisehoana mivelatra tao amina tranoheva ka ankizy 20 avy any Andramiarana, 20 avy any Antohomadinika notarihin'ireo mpanetan'ny BDR sy TAPORI no nanatrika an’io. Tao anatin'ny tranoheva nisy ny Fanabeazana maha-olom-pirenena vanona no nisy ny fijoroana vavolombelon'i Princia: ***“...Tsapako ho tena zava-dehibe ny fananana kopia nahaterahana: ilaina izany mba hahazoana mianatra sy hahafahana mamantatra ny momba ny tena : ny anarana, daty nahaterahana ary indrindra ireo ray aman-dreny”.***

Ny tanora sy ny fanadiovana

Antohomadinika madio no tanjonay mponina

Volana vitsivitsy izao dia nanome tanana ny fianakaviana lasibatry ny tondra-drano ao Antohomadinika ny tanoran’ny ATD Quart Monde. Nanapa-kevitra izy ireo ny volana desambra 2015 fa hiasa mandritry ny 4 Asabotsy mitetitety vakim-paritra alohan’ny oram-batravatram-pahavaratra : fanadiovana ny lakan-drano madinika, sy ny rano mihandrona ary fametrahana kitapo feno ranon-tany eny amin’ny lalan-kely tratran’ny rano no natao. Izany dia iarahana amin’ny tompon’andraikitra ifotony (ny filoham-pokontany, ny filohan’ny vakim-paritra 5, ny fikambanana eo an-toerana ary ny mponina). Fantatr’izy ireo tsara fa tsy ampy hamahana olana amin’ny fanadiovana ny kartie izay mitaky asa goavana tokoa ary ilana ny fandraisana anjaran’ny rehetra, indrindra indrindra ny Fanjakana izany. Ny atrik’asa sy ny hetsika atao miaraka amin’ny fianakaviana dia manampy hahalalana bebe kokoa ny zava-misy eo amin’ny kartie sy ny toe-javatra iainan’ny mponina ary ny ezaka ataony isan’andro amin’ny fiaretana izany. Mitovy hevitra amin-dRamatoa Meltine, mpikambana iray ao amin’ny ATD Quart Monde daholo ny ankamaroan’ny mponina amin’ny filazana hoe : tokony hodiovina ny tatatra lehibe anankiroa : C3 sy Andriantany. Raha atao bango tokana dia ny tatatra rehetra (lehibe sy kely) sy ny fako ary ny trano fivoahana no fanalahidin’ny fanatsarana ny tanànan’Antohomadinika. Nisy fivoriana nifanesisesy notarihin’ny ATD Quart Monde niaraka tamin’ny tompon’andraikitra sy hery velona eo an-toerana, nitadiavana ny lalan-kizorana ho an’Antohomadinika voadio.

Véronique HUDINA: Tsy zoviana amintsika intsony i Véronique, na teny anivon'ny fanentanana famakiam-boky an-kalamanjana teny Andramiarana, na tao amin'ny tranomboky Antohomadinika; eny fa na dia hatrany amin'ny Fifampizarana fahaizana amam-pahalalana sy ny Andron'ny fianakaviana teny Ambohimalaza ary nandritra ny fankalazana ny 17 Oktobra aza. Frantsay izy ary ny hanampy antsika maimaim-poana no nahatongavany teto nandritra ny 3 volana. Tsy azontsika odian-tsy hita ny andraikitra noraisiny tato amin'ny Fikambanana ka miombom-peo amin'ireo mpitantana ny tranom-boky sy ireo mpanentana ny ankizy izay niarahany bebe kokoa isika, misaotra sy mirary soa ho azy.

Véronique sy ny mpitantana ny tranomboky

Fandehanan'i Denis GENDRE

Tamin'ny Febroary 2012 no tonga teto Madagasikara i Denis GENDRE sy Nathalie vadiny. Nitantana ny MMM sy tao amin'ny Ekipa Mpanentana Nasiônaly ary Solontena Nasiônaly i Denis nandritra ny niasany teto amintsika. Nandao an'i Madagasikara izy mivady ny 27 Desambra 2015 ary mipetraka any Maurice aloha hatramin'ny Jiona 2016, fotoana hahataperan'ny andraikitra maha-Solontenan'ny Faritra ao amin'ny Ranomasim-be Oseanina Indianina an'i Nathalie. I Denis kosa, hanampy ny Fikambanana ao Maorisy amin'ny fanombohana ny "Université Populaire". Nifamontoana teny Ambohibao,,nanao veloma sy nirary soa ho azy amin'ny iraka vaovao ampanaovina azy ny mpikambana eto Antananarivo tamin'ny Asabotsy 26 Desambra 2015 tolakandro. Ampiraisin'ny asa sy atambatry ny faharesen-dahatra amin'ny ady itovizana hatrany isika ato amin'ny Fikambanana na eo aza ny elanelan-tany.

Atambatry ny ady itovizana isika na misaraka aza

Ny maha-hafakely ny ATD Quart Monde dia "Samy sahirana nefa mifanatona sy mifanampy"

Fitsidihana tany Toliara

Nihaona tamin'ny Arsevekan'ny Faritra Atsimo Andrefana, Monseigneur Fulgence RABEONY, ny Fikambanana ATD Quart Monde any Toliara ny 7 Desambra 2015. Taona vitsivitsy izao ry zareo any no nahazo birao maimaim-poana ao amin'ny Comité de Développement Diocésain. Ho fisaorana sy fankasitrahana ny Eveka ary ho fiombonan-kafaliana aminy noho ny nahatratrarany ny faha-25 taona nanamasinana azy no anton'io fihaonana io. Ny mahasarika ny Arseveka amin'ny Fikambanana dia ilay toe-tsain'ny samy sahirana mifanatona sy mifanampy, miady ho an'ny Zony sy ny an'ny hafa ary manohitra ny fahantrana lalina.

Noelin'ny ankizy tany Mahajanga

Amin'ny maha-fetin'ny ankizy ny Krismasy dia nanapa-kevitra ny mpikambana ao Mahajanga fa hankalaza izany miaraka amin'ireo zaza sahirana ao amin'ny Fikambanana.Teo amin'ny tokotany malalaky ny mpikambana iray no nanatanterahana izany ny 23 Desambra 2015. Mba hahafahana mahazo ankizy maro dia naverina nasiana famakiam-boky an-kalamanjana intelo alarobia mihitsy aloha talohan'io daty io. Ny marainan'ny 23 Desambra no niara-nandravaka ilay toerana ny mpikambana. Ny tolakandro tamin'ny 3 ora kosa no nanomboka ny fampilalaovana ny ankizy. Nifarana tamina fizaràna mofomamy sy vatomamy ary "biscuits"ny fiaraha-nifaly. Hita amin'izany fa tena liana amin'ny famakiam-boky an-kalamanjana ny ankizy.

Noelin'ny ankizy tany Mahajanga